REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Talata 12 desambra 2023 – Lapam-panjakana Mahazoarivo*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Mahazoarivo androany Talata 12 desambra 2023 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, ary natrehin'ireo Minisitra isan-tokony sy ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Talen'ny Kabinetra, ny Sekretera Jeneraly Lefitra ary ny Tale misahana ny raharaha araka ny lalâna eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika ;

## I- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA + MINISTERAN'NY TOE-KARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanemorana ny fetr'andro ahafahana manao ny fandraiketana ny fandaniana na *« engagement »* mahakasika manokana an'ireo fandaniana sasantsasany eo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena**

Nikatona tamin'ny faha 30 novambra 2023 lasa teo ny fahafahana manao ny fandraiketana ny fandaniana na *« engagement »*. Nisy anefa ny olana teo amin'ny tambajotra eo anivon'ny rindram-baiko e-GP ka tsy nahafahana nahatratra ara-potoana ny paik'ady fanaovana « engagement », ary voakasik'izany ireo Tsenam-baro-panjakana sasantsasany izay marihana fa anisan'ny fanatanterahana ireo tetikasan'ny Filoham-pirenena :

- Fividianana latabatra sy dabilio ho an'ny Mpianatra ;
- Fividianana latabatra sy seza ho an'ireo Mpianatra ao amin'ny « préscolaires » ;
- Fividianana tafo fanitso ho an'ny sekoly ;
- Fividianana latabatra sy seza ho an'ny Mpanabe ;
- Fanaterana ireo fitaovana sy « kits scolaires » eny anivon'ny sekoly manerana ny nosy

Izany indrindra no nanomezana fe-potoana manokana ny ministera mba ahafahana manohy ny fanatanterahana hatramin'ny farany ireo Tsenam-baro-panjakana ireo.

**MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISTERAN'NY TOE-KARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny fandoavana ny hetra sy haban-tseranana amin'ny fanafarana ny kodiaran-droa na « moto » miisa 153 atolotra ho an'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.**

Ireto « moto » ireto dia fanomezana avy amin'ny UNICEF ary natao hampiasain'ireo Mpitsabo miparitaka eny anivon'ireo Distrika manerana ny Nosy.

**MINISTERAN'NY ASA VAVENTY**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hampiasana ny sorabola hanatanterahana ireo asa fanamboaran-dalana eo amin'ny lalam-pirenena RNT 42 PK0+000 ka hatramin'ny PK95+000 izay mampitohy an'i Fianarantsoa sy Ikalamavony**

Taorian'ireo fidinana ifotony maro nataon'ireo teknisiana no nahitana fa tena potika tanteraka ity lalam-pirenena ity ka mila irosoana haingana ny fanamboarana azy. Hisy fiantraikany goavana amin'ny fiainan'ireo kaominina lalovany ny fanarenana an'ity lalam-pirenena ity. Ny *« Fonds Routier »* no hamatsy manontolo ny fanatanterahana ity asa fanamboaran-dalana ity.

**MINISTERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny fandoavana ny hetra sy ny haban-tseranana amin'ny fanafarana ireo fitaovana antsoina hoe *« panneaux photovoltaïques »* ho an'ny Kaominina Andrenivohitra Nosy Be**

Ireto fitaovana ireto moa dia natao mba hametrahana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro, ka ny Fikambanana frantsay antsoina hoe *« Electricité sans Frontière »* izay any *Provence – Alpes- Côte d'Azur* no manolotra azy ireo ho an'ny Fokontany Anjiabe, Antamotamo ary Ampangorina ao Nosy Komba, Nosy Be.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny tolo-bidy naroson'ireo orinasa mahakasika ny asa fanajariana fotodrafitrasa madinika sy fanatsaràna endrika ireo kartie ao anatin'ny tetikasa fampandrosoana sy fanatsaràna ny Toeram-ponenana izay voarakitra ao anatin'ny tetibola 2023.**

Ireto asa ireto izay ahitana fanamboarana lalan-kely, lalana rarivato, lalana natokana ho an'ny Mpandeha tongotra sy ny maro samihafa, dia natao indrindra mba hanamora ny fivezivezen'ny Mponina ary koa hanovàna ny endrik'ireo fokontany voakasik'izany. Fokontany maromaro eto Antananarivo izay misy mponina isan'ny tena sahirana no hisitraka an'ireto tetikasa ireto.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISTERAN'NY FITSARANA + MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

**Noraisina ny volavolan-drijan-tenin-dalàna anovàna sy amenoana ny andininy sasantsasany ao amin'ny lalàna laharana 2016-037 tamin'ny 02 febroary 2017 momba ny Fampihavanam-pirenena.**

Anisan'ny misongadina ao anatin'ny fanovàna izay tinapaka ny fampihenàna ny isan'ny Mpikambana ao anatin'ny Komitin'ny Fampihavanam-pirenena na ny CFM ary ny fifantohan'ny andraikitr'ity rafitra ity bebe kokoa ho amin'ny fisorohana ny korontana sy ny krizy eto amin'ny Firenena.

**MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Noraisina ny Didim-panjakana ilazàna fa ho an'ny Tombontsoan'ny daholobe ary anasokajiana ho tanim-panjakana tsy azo amidy na *« domaine public »* ireo tany ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa fanamboarana ireo lalana an-tampon-tanàna ao amin'ny tanànan'i Mananjary, Manakara ary Farafangana.**

**Noraisina ny Didim-panjakana amindràna ny sorabola na « transfert de crédits en matière de Transferts » ao anatin'ny tetibola 2023 ho an'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa sy ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, izay mitentina 1 608 085 000 Ariary.**

**Noraisina ny Didim-panjakana amenoana ny vola miditra sy ny fandaniana eo anivon'ny Ministeran'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mitentina 12 016 525 000 Ariary ao anatin'ny Tetibola 2023 mahakasika ny Tetikasa Statistika iraisam-paritra eo anivon'ny SADC (STATCAP) an'ny *« Institut National de la Statistique de Madagascar » (INSTAT)***

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**SEKRETERAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARAMARIAM-PIRENENA**

- Noraisina ny Didim-panjakana manendry ny **Général de Brigade RABEMANANTSOA Josh,** ho Komandin'ny Sekoly Ambonin'ny Zandarimariam-pirenena ao Moramanga.
- Noraisina ny Didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-189 tamin'ny 19 febroary 2020 ary manendry ny **Colonel RANAIVOARISON Théodule Edith**, ho Komandin'ny Fari-piadidian'ny Zandarimariam-pirenena ao Toamasina.
- Noraisina ny Didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-920 tamin'ny 15 jona 2022 ary manendry ny **Colonel MAROVAVY Louis Francio**, ho Komandin'ny Fari-piadidian'ny Zandarmariam-pirenena ao Mahajanga.

## IV- FANAFOANANA

**MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2021-1081 tamin'ny 13 oktobra 2021 nanendrena ny Governoran'ny Faritra Betsiboka.
- Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2014- 1532 tamin'ny 25 septambra 2014 nanendrena ny Lehiben'ny Distrikan'Ankazobe.

**MINISTERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA NY VAROTRA ARY NY FANJIFANA**

- Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2022-724 tamin'ny 18 may 2022 nanendrena ny Talen'ny « Audit Interne » sy ny ady amin'ny kolikoly eo anivon'ny Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra ary ny Fanjifana.
- Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2019-1196 tamin'ny 6 jona 2019 nanendrena ny Talem-paritry ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tanana eo anivon'ny Faritra Alaotra Mangoro.

**MINISTERAN'NY ASA VAVENTY**

Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2023-1053 tamin'ny 30 aogositra 2023 nanendrena ny Talem-paritry ny Asa Vaventy ao Betsiboka.

**MINISTERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FANOFANANA ARAK'ASA**

Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 202-375 tamin'ny 31 martsa 2021 nanendrena ny Talem-paritry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa ao Menabe.

**MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

Noraisina ny Didim-panjakana anafoanana ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1135 tamin'ny 9 septambra 2020 nanendrena ny Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovain-jafy ao Anosy.

**Natao ny 12 desambra 2023**

Ny Mpitondra Tenin'ny Governemanta,
Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany
**RAMAHOLIMASY Pierre Holder**
Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina mpisolo toerana,
**RAHANTANIRINA Gabriella**